
# FANKALAZANA NY FIANAKAVIANA MASINA TAONA B 23



***FIANAKAVIANA MIFANKATIA, LANITRA ETY AN-TANY***

Ry Kristianina havana, anio Alahady mamarana ny taona no alahady manaraka ny Noely, Alahady ahatsiarovana manokana ny Fianakaviana masina. Somebiseby isika amin'izao famaranana ny taona 2023 izao mikofoka manomana ny fety ny maro na dia tsy miafina fa tena ao anatin'ny krizy mafy. Ao anatin'izany indrindra no aoka tsy hanadino ny fototry ny fiainantsika raha mahatsiaro izao fetin'ny Fianakaviana masina izao. Masina ny fianakaviana tao Nazareta satria fianakaviana misy an'i Jesoa izay nankalazaintsika tamin'ny Noely, Andriamanitra eto amintsika. Raha eo anivon'ny fianakaviana tsirairay i Jesoa dia masina ny fianakaviana satria misy an'Andriamanitra ka na dia miatrika zavatra maro mety manahirana aza eo amin'ny fiainana dia matanjaka satria mitambatra amin'Andriamanitra ka feno fitiavana. Azonareo onogna amin'izao ny nanaovako hira setrin'ny Ranombavaka nandritra ny Fiaviana amin'ny toerana nanaovana visite pastorale : MANDROSOA AO AN-TRANONAY IANAO RY JESOA…. Raha misy tokoa firarian-tsoa sy vavaka amin'izao Noely Andriamanitra eo anivontsika izao dia I Jesoa handroso isan-tokantranontsika….Izany ny antony anaovantsika ny Sinaody sy izao fankalazana ny Kongresy Eokaristika KEN 2024 mba "handroso ao amintsika tokoa I Jesoa…". Inona moa ny dikan'izany ? Raha mandroso amin'ny fiainantsika tokoa I Jesoa dia miova ny fifandraisantsika amin'ny zava-boary, amintsika samy isika ary amin'Andriamanitra satria I Jesoa

Vakiteny I : **Jen. 15, 1-6; 21, 1-3**
Tononkira : **Sal. 104**
Vakiteny II : **He 11, 8. 11-12. 17-19**
Evanjely : **Lk. 2, 22-40**

mandroso amintsika no Fihavanantsika, ilay Fihavanana hanasitra hanasitrana an'izao tontolo izao ka mahatonga antsika ho Mpiray tampo mifampitsimbina sy mifanasoa ary mikajy ny soa iombonana… Zary fiadanana sy hafaliana ny fiainan'ny mpianakavy. Tsy izany ve ny lanitra ety antany….

Noharian'Andriamanitra hitovy endrika Aminy tokoa isika, ary fitiavana ny endrik'Andriamanitra ka io fitiavana io no eo anivontsika raha Andriamanitra eo anivontsika ka izany no maha lanitra ny fianakaviana mifankatia. Raha mandinika sy mibanjina an'izany rehetra izany isika amin'izao Alahady famaranana ny taona izao no sady fifanoloran'ny mpianakavy ny firarian-tsoa dia henontsika tsara amin'ny Vakiteny voalohany bokin'ny Jenezy fa i Abrahama nahazo tsodrano manokana tamin'Andriamanitra satria nandray an'Andriamanitra izy, fantatsika ny sedra niainan'i Abrahama. Noho izy nino sy nahatoky ary nametraka an'Andriamanitra eo anivon'ny fiainany sy fianakaviany dia azo lazaina fa nahay "nampandroso ireo vahiny ka nahazo fahasoavana…", nahazo tsodrano tamin'Andriamanitra izy ka nolazain'Andriamanitra hoe : "ho tahaka ny kintana ny taranany. Taranaka no tsodrano lehibe indrindra, taranaka voakolokolo sy voakarakara, taranaka nobeazina araky ny mahaolona araky ny endrik'Andriamanitra.

Milaza miara-mahita anefa isika fa ny fianakaviana no tena mitondra takaitra, mitondra faisana vokatry ny krizy mafy izao. izy no victime satria tena very ny maha izy azy, very ny identité, very repère ny fianakaviana jiaby. Hitantsika izany taorian'iny hafatra "Fiiducia supplicans" tamin'ny 18 desambara teo. Izany rehetra izany no manosika antsika fa indrindra miatrika ny rafi-panabeazana eto amintsika tena potika hiverina amin'ny tena izy ka hibanjina ny vokasion'ny Ray amandreny izay hita amin'ireo Fianakaviana Masina tao Nazareta dia Maria ary Josefa.

Aoka ny lehilahy hahatsapa fa mila BABA izao tontolo izao. Na dia tsy nahitana teny aza I Md Josefa fa voasoritry ny Evanjely fa "lehilahy marina sy tia vavaka" izy. Raha mivelona ireo toetra fototra ireo ny Raim-pianakaviana jiaby dia miova ny fiainam-pianakaviana sy fiainam-pirenana. Mila izany isika raha te ho afaka amin'izao krizy izao. Anisan'ny départ vaovao, mila "changement radical" fiovampenitra mahery vaika ho an'ireo izay manam-pahefana rehetra, ho Baba manompo tahaka an'I Md Josefa mikarakaraka sy mikolokolo. Mila volena indray io "vocation" mikolokolo io, hoy ny Papa, matetika "culture des soins". Io fahaizana mikolokolo io no mitondra amin'ny fivelarana marina sy maharitra mitondra amin'ny fiadanana satria efa potika ireo fifandraisana telo mandrafitra ny mahaolona ka ny Ray manana adidy voalohany amin'izany. Averimberintsika matetika fa ny fahantrana eto Madagasikara dia tsy hoe tsy misy harena, tsy misy manam-pahaizana, tsy hoe tsy misy manao politika fa mahantra isika satria tsy manana olomarina. I Md Josefa lehilahy marina no modely ho antsika. Mila Baba manam-panahy, ny fanahy no maha olona, olona araky ny endrik'Andriamanitra. Izany ilay tsodrano sy fafirano nataon'Andriamanitra tamin'i Abrahama.

Manaraka izany asain'I Papa ho hita amin'ny toetry ny rehetra fa indrindra ny renim-pianakaviana fa reny sady mpanabe ny Eglizy. Amin'ny mahareny azy dia reny manome aina ny Eglizy ary ny aina lehibe indrindra dia Jesoa. Mpanabe koa izy ka reny manoro ny lalana izay tsy maintsy ~~alefha~~ aleha fa indrindra amin'izao krizy izao.

Ry Kristianina havana, mibanjina ny Fianakaviana masina tokoa isika, tsarovy fa modely ho antsika tokoa ny Fianakaviana masina izay ankalazaintsika anio, tsy hoe mahatsiaro fotsiny isika rehefa mankalaza fa mivelona sy miaina an'izay ankalazaina. Masina io fianakaviana io satria teo anivon'izy ireo i Jesoa fa ny faharoa tiana asongadina dia ny maha modely ny Fianakaviana masina.

Mivavaka ny Fianakaviana masina izany hoe mampandroso an'I Jesoa na I Josefa na I Maria tamin'ny alalan'ny fanekeny ny sitrapon'Andriamanitra. Fampianarana ho antsika izany. Tsy mitsahatra mitoetra ao amin'i Jesoa I Josefa sy Maria satria manao ny asan'Andriamanitra ka ampirisihina isika hanahaka ny Fianakaviana masina, hivavaka sy hitoetra ao amin'Andriamanitra.

Matoa tsy mamokatra ny fiainantsika dia satria tsy mampandroso an'I Jesoa, tsy mitoetra ao amin'ny Tompo, matoa mikorontana ny fianakaviantsika, matoa tsy marina tsara ny fiainantsika dia satria tsy mivavaka isika izany hoe tsy eo anivon'ny fiainantsika i Jesoa. Izany no antitranterintsika matetika hoe aoka hapetratsika eo anivon'ny fiainantsika ny lakroa, aoka isika hanaja an'i Masina Maria sy ny Fo masin'i Jesoa.

Aoka hotsaroantsika fa nanokana ny asabotsy isika eto amin'ny diosezy ho andro nataontsika hivavahana ho an'ny fianakaviana. Aoka hasongadintsika indray maneha io safidintsika io amin'izao fanatanterahantsika ny Sinaody izao ary indrindra amin'ny diantsika mankany amin'ny Kongresy Eokaristika KEN2024 izao. Aoka hipetraka tsara ny mahafianakaviana Eglizy kely miara-mivavaka sy mandalina finoana ka manasa antsika rehetra manomboka amin'izao fetin'ny Fianakaviana Masina izao hamerana indray io ezaka io..

Tohizantsika amin'izany ny fibanjinantsika ny Soratra Masina mba ho tena ohatra velona ho antsika tokoa amin'izany rehetra izany ny Fianakaviana Masina. Rehefa tonga ny fivahiniana masina tany Jerosalema dia tany no nahitana an'i Jesoa tao an-tempoly satria novolavolaina tamin'ny fivavahana izy. Aoka ho volavolaintsika amin'ny fivavahana ny taranatsika ka handray ny fanomezana fiton'ny Fanahy Masina mba ho taranaka mandavorary sy manatsara ny fiainana andavanandro fa tsy taranaka manakorontana, manapotika. Ho feno fiadanana ny fianakaviantsika raha mivavaka. Raha tiantsika ho tanteraka izany dia aoka ho fianakaviana mivavaka isika. Modely ho antsika amin'izany ny Fianakaviana masina.

Azo asongadina ihany koa araky ny henontsika amin'ny Vakiteny faharoa fa fototra lehibe ny finoana. Io no nahazoan'i Abrahama taranaka analikisa tahaka ny kintana satria nino izy na dia efa antitra aza, izany hoe efa amin'ny taona tsy hahazoana taranaka intsony.

Tsara ihany koa vokatry ny fijanonana faha-2 tamin'ny Sinaody ny fanajana sy ny fikolokoloana ny ny Tontolo iainana. Aoka ity Taona kongresy eokaristika ity mba samy hibebaka tokoa ka samy vonona mamboly "tontolo mikolokolo" isika "culture des soins" ka hiezaka isika amin'ny fambolena kakazo ary indrindra hikolokolo izay nambolena mba ho tena diosezy maitso tokoa ny diosezintsika…

Aoka ho fianakaviana mahafoy isika ka handray an-tànana ny Eglizy, mba hiditra amin'ny fikambanana masina na firohotana isika na ny Ray na ny Reny na ny zanaka, samy misy fikambanana na firohotana tandrify azy ny tsirairay avy. Aoka hahafoy isika hirotsaka hikatroka amin'ny

fikambanana na koa hirotsaka hanompo amin'ny alalan'ny vaomiera ka handray an-tànana ny Eglizintsika tsirairay avy.

Modely ho antsika ihany koa amin'ny fahafoizana ny fianakaviana tao Nazareta ary faran-tampony ny fahafoizana nataon'i Jesoa tamin'ny hazo fijaliana.

Matoa tsy tanteraka ny fihavanana izay imatimatesantsika, toy izay hahafoy isika dia fitiavan-tena no manjaka amintsika. Aoka hahafoy isika ka hijoro ho vavolombelona ao anatin'ny fikambanana masina sy hanompo ao anatin'ny vaomiera, hahafoy amin'ny alalan'ny fandraisana anjara amin'ny hasim-pinoana. Aoka hahafoy isika ka ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKA VELONA.

Mety mieritreritra isika fa lavitra izany Fianakaviana masina izany satria tany Nazareta. Lavitra amin'ny fotoana satria efa roa arivo taona lasa, kanefa ireo olomasina izay nibanjina ny Fianakaviana masina dia nandray azy ireo ho modely. Modely ho antsika koa izy ireo amin'izao andro iainantsika izao tahaka an'i Victoire Rasoamanarivo izay fantantsika fa tia fianakaviana, tahaka an'i Lucien Botovasoa.

Henontsika amin'ny Evanjely fa nitombo sady feno fahendrena i Jesoa tao amin'ny Fianakaviana masina, izany koa no irina amin'ny taranatsika rehetra. Ho taranaka maro sy feno fahendrena ny eto amintsika eto Madagasikara dia ilay fahendren'Andriamanitra satria izany no lanitra ary indrindra ny eto an-tany dia mba ho fianakaviana feno fitiavana an'Andriamanitra ka ho feno hafaliana lavorary.

Ry Kristianina havana, aoka mba hanjaka eto anivontsika tokoa i Jesoa amin'izao andro ivavahantsika manokana ho an'ny fianakaviana izao, satria Izy no fototry ny finoantsika, manjaka i Jesoa raha manao ny marina isika, raha ao anatin'ny fifankatiavana marina isika, raha mampanjaka ny rariny sy ny hitsiny isika, raha mikatsaka mandrakariva ny fihavanana amin'ny alalan'ny fahafoizana isika.

Ry Jesoa Tompo ô, nanaiky ho anisan'ny fianakaviana Ianao, nofidinao ho lalam-pamonjena ny fianakaviana ka enga anie ho lalam-pamonjena ny fianakavianay tsirairay avy sy ny olombelona rehetra. Mba ho Ianao tokoa no hanjaka eo anivon'ny fiainanay ka ho feno fitiavana sy fifanajana ary fahamarinana ny fianakaviana rehetra ka dia ho taranaka manorina ny taranakay. Enga anie izahay hahay hanararaotra izao izao Sinaody faha-7 izao sy izao firosoanay amin'ny Kongresy Eokaristika Nasionaly (KEN 2024) izao handalina ny finoanay mikasika ny Eokaristia ka ho tanteraka ny teny faneva : Fihavanana no hanasitrana an'izao tontolo izao… Mpiray Tampo ianareo jiaby. Aoka àry izahay hitoetra ao Aminao Fihavanana ary Ianao Fihavanana hitoetra eo aminay, amin'izay dia ho lavorary ny fifalianay. Masina Maria, Md Josefa mivavahà ho an'ny fianakaviana izay tena mijaly tratrin'ity krizy ity ka maro no very repère, maro ny zaza tsy afaka mianatra tsy misy mpanabe mirenireny. Md Josefa Ray Mpiaro ny Eglizy eran-tany mivavahà ho an'ny Ray rehetra mba hahita marina ny tena vôkasiony. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson